

JÉSUS VIVANT EN MARIE



NO 13 MAI 2019

**Bulletin Mensuel de Formation et d'Information
Association Marie, Reine des Coeurs**

Cette édition de mai 2019 est l'édition du premier anniversaire de ce bulletin. Ce chemin entrepris pendant cette première année a fait que ce bulletin est disponible en sept langues: français, anglais, espagnol, malgache, portugais, italien et indonésien. Merci aux écrivains et aux traducteurs qui s'offrent volontaires pour contribuer à son existence. Dieu Seul !

**Fanazavana
Ara-baiboly
JOANY 21, 1-12**

**Fampianarana
FANOKANANTENA
AMIN'IAO
VANINANDRO IZAO**

**Partage
RÉVEIL DE MA FOI**

**Vaovao samihafa :
Indonésie,
Madagascar, France**

**MISSIONNAIRES
MONTFORTAINS**

Viale dei Monfortani, 65,
00135 Rome – ITALIE

Tél. (+39) 06-30.50.203

E-mail:
rcordium@gmail.com

JOANY 21, 1-12 : Ny nisehoan'i Jesoa teo amoron'ny onin'ny Tiberiady

Aorian'ny Fitsanganan'i Jesoa ho velona isika izao: niverina tamin'ny fiainany maha mpanarato azy ireo Apôstôly. I Simôna Piera eto no endrika ivon'ny tantara, satria moa va tsy izy no nanankinan' i Jesoa ny Egliziny manao hoe: "Ianao no Piera Vato ary eo ambonin'izany vatolampy izany no hanorenako ny Egliziko" (Mt 16, 18). Araka izany, ny fiainan'ny Eglizy entanin' Ilay nitsangan-kovelona no votoatin-dresaka eo amin'io an-dalana io.



Toa inona ary no fahitantsika azy? Raha raisina amin'ny fomba tsotra ireo teny ireo :

- a. Ny sambo kely dia endrikin'ny Eglizy ara-baiboly
- b. Ny fanaratoana amin'ny harato, dia maneho ny iraka hototosain'ireo Apostoly, araka ny tenin'i Jesoa hoe: "hataoko mpanarato olona ianareo" (Mk 1,17)
- c. Ny sakafo indray dia famantarana velona napetrak'i Jesoa tamin'ireo Apôstôly (Ataovy izao ho fahatsiarovana Ahy (Lk 22, 20).
- d. Ny anjaran-toeran- dehiben'i Piera
- e. Ny isan'ireo Apôstôly fito kosa, dia manambara hafenoana sy fiombonana

Nangaina tsy namokatra ireo Apôstôly nandritrin'ny alina tontolo; maneho izany fa ny asa tsy misy an'Ilay Nitsangan-ko velona dia poak'aty. Fa raha vao miposak'andro iny (famantarana ny fitsanganan-ko velona), dia tonga teo amoron'ny rano i Jesoa ka niantso azy ireo hanipy ny harato; ka ny fihainoana sy ny faneken'izy ireo ny antson'ny Mpampianatra na dia teo aza ny faharerahana dia nanova ny zavatra rehetra. Fiampitana ny alina feno asa mafy sy alahelo izany, mankany amin'ilay maraina mitondra fiainana sy fahafenoana ary fitsangan-ko velona.

Mbola teny an-tsambo kely dia nahita afo

midorehitra izy ireo: mampatsiahy ilay afo mirehitra saika namindron'i Piera, talohan'ny nandavany an'i Kristy tamin'ny fotoana nijaliany, no sady toerana ihany koa hanankinan' Izy Tompo iraka vaovao aminy indray.

Avia hisakafo: amin'ilay fisakafoanam-be izay anasan'ny Tompo an'ireo Apostoliny, Izy irery ihany no afaka hanolotra sakafo feno ampoka; fa ny fampifangaroana ireo trondro noharatoina tamin'ireo efa napetrany teo ambony afo kosa dia manambara amintsika fa miandry ny fiaraha-miasantsika ny Tompo toy ny tamin'ny fampitomboana ireo mofo.

Pierrette MAIGNÉ,

Mpikambana ao amin'ny vaomiera ho an'ireo lahika "associés"



PIERRETTE MAIGNÉ

Noho ny fahatokisako ny Tompo izay miasa mandrakariva ho an'ny Egliziny no maha voaasa ahy ihany koa hitondra ny anjara asako amin'ny iraka izay tsy misy fiafarana.




Spiritualité Montfortaine

FANOKANANTENA AMIN'IZAO VANINANDRO IZAO

Mbola hita ao amin'ny Eglizy sy izao tontolo ianantsika izao ve ny resaka Fanokantena?

Inoana tsy misy isalasalana! Mbola mamolavola ny fiainam-panahin'ny olona maro eto amin'izao tontolo izao, eny mandrak'ankehitriny, ny "fiainana lavorary" ny "tena fitiavana sy fanajana an'i Masina Maria" io, ao anatin'ny fiainana maha kristianina eo ambany fanilovan'ny Fanahy Masina izay mampiavaka ny fiainam-panahin'ny olona maro manerana izao tontolo izao mandrak'ankehitriny.



REDEMPTORIS MATER, 48

“Tiako araka izany ny mampatsiahy, eo anatrehan’ireo vavolombelona maro sy mpampianatra io fianam-panahy io, ny endrik’ i Md Louis-Marie Grignon de Montfort izay nanolotra ny Fanokanantena amin’i Kristy amin’ny alalan’ny tolotanan’i Maria, ho an’ireo kristianina, mba ho fomba mahomby entina miaina amim-pahatokisana ireo toky nomena tamin’ny Batemy” (Redemptoris Mater, 48).

Manambara ny fanonkantena napetrak’i Mompera avy any Montfort ho fanehoana ny toe-panahy marialy ao anatin’ny Eglizy ny Papa Joany Paoly faha II tao amin’ilay taratasy ansikilika nosorotany (Redemptoris Mater) mahakasika an’ilay “Masina Maria Virijiny ao amin’ny fiainan’ny Eglizy mbola miady” (25 mars 1987), raha nanoratra izy hoe: “Tiako araka izany ny mampatsiahy, eo anatrehan’ireo vavolombelona maro sy mpampianatra io fianam-panahy io, ny endrik’ i Md Louis-Marie Grignon de Montfort izay nanolotra ny Fanokanantena amin’i Kristy amin’ny alalan’ny tolotanan’i Maria, ho an’ireo kristianina, **mba ho fomba mahomby entina miaina amim-pahatokisana ireo toky nomena tamin’ny Batemy**” (Redemptoris Mater, 48).

Heverina ho faneken’ny Eglizy an’io endrika “ fitiavana sy fanajana an’i Maria” io, ny fankatoavan’ny Papa Joany Paoly faha II io; satria mampiseho io fa: “ nomena haja manokana ilay Reny, ny Zanaka izay nahariana an’izao rehetra izao (cf. Kol 1,15-16) sy Ilay tian’Izy Ray Mandrakizay hitoeran’ny hafenoana rehetra (kol 1, 19), dia nekena ho mendrika, ho toavina, homena voninahitra ary hekena” (Lumen Gentium 66).

Araka izany, ny fanokanantena miaraka amin’ny fizarana mendrika, dia nifampizarana vondrona maro samihafa toy ny “legio Mariae, communauté Emanuel, Foyer de Charité, Association Marie Reine des cœurs, Consacratio Mundi, Sociedad Grignon de Montfort de Barcelona, Militantes de la Sainte Vierge du Burundi ». Fitanisana an’ ireo hetsika misionera ara-panahy ao amin’ny Eglizy fotsiny io, izay miaina ny fanokantena napetrak’ i Mompera de Montfort. Fa mbola maro ireo hetsika hafa sy fikambanan’ny fiainana voatokana ary olona manolo-tena, na mandeha irery io na ao anaty vondrona kely, ka miaina io fanokanantena io.



EO IHANY KOA IREO MANAM-PAHAIZANA ARA-TEÔLÔJIKA izay tsy mitsahatra ny miady hevitra mba hanomezana fanazavana tsara indrindra momba ny anjara andraikitr'I Maria Virjiny ao anatin'ny Fanokantena. Miezaka mamaritra tsara ny fampiasan'I Montfort ny voambolana "Fanokanantena" sy "fanompoana" izy ireo, ny torohevitra hitondra rojo vy kely izay toy ny famantaran'ny fanompoam-pitiavana (VD 236-242). Anjara andraikitra nankinin'ny Konsily Vatikana Faharoa amin'izy ireo izany, raha nitaona mafy an'ireo teôlojiana sy ireo mitondra ny Tenin' Andriamanitra izy mba hifady amim-pitandremana tsara, ny fihorana diso tafahoatra mifanohitra amin'ny marina ary tsy latsak'izany ny fanakekezana tsy voaporafo, raha ny

fahamendrehana manokan' ilay Renin'Andriamanitra no anton-dresaka (Lumen Gentium, 67).

Io andraikitra io ihany koa no nankinin'ny Papa Joany Paoly faha II amin'ny Fianakaviam-be Montfortana ao amin'ny taratasy nosoratany ny faha 21 Jiona 1997, tamin'ny fotoana nankalazana indrindra ny faha 50 taona nanandratana ho Olomasina an'I Md Louis-Marie avy any Montfort. Hoy izy: "Ry rahalahy sy anabavy ao amin'ny fianakaviam-be montfortana, ...aoka ihany koa ho andry sy fitaratra ho an'ireo hetsika miaina ny hafatr'I Montfort, mba tena hanomezana fahamarinana azo itokiana mandrakariva ny Tena Fitiavana sy Fanajana an'I Maria". (no.6).

Mba hampiharana io fitaoman'I Papa Joany Paoly faha II io, dia nirotsaka an-tsehatr'asa ireo misioneran'ny "Compagnie de Marie", izay antsoina koa hoe Misionera montfortana, iray amin'ireo fikambananan-dreljiozy montfortana miisa telo. Mikasa ny hanatanteraka hetsika vitsivitsy ny vaomiera mitaiza ny ara-panahy ao aminy, izay mikendry:

a. Ny hampahafantatra ny fiainam-panahy montfortana eo anivon'ny "compagnie de Marie », mba hanampiana ireo mpikambana ao aminy amin'ny fiofanana mitohy sy ny iraka (ohatra: ny fanavaozana ny Boky Tena Fitiavana sy Fanajana an'I Masina Maria Virjiny, ny fanatanterahana laretirety sy sehatr'asa ikatrohana eo amin'ny lafin'ny fiainam-panahy montfortana, miaraka amin'ireo zanakavavin'ny Fahendrena (fille de la Sagesse (fdls)) sy ireo frera montfortana, Saint Gabriel (FSG), mandray anjara amin'ny fiofanana montfortana iraisam-pirenena ao anatin'ny fianam-panahy montfortana).

b. Hampahafantatra ny fiainam-panahy montfortana amin'ireo lahika mpikambana (ohatra: ny "biletà" "Jesoa velona ao amin'I Maria", ny fihaonana kaontinantaly).

c. Hanapariaka amin'ny sarambaben'ny olona ny fiainam-panahy montfortana (ohatra: ny fanaparihana ilay gazety " spiritualità Montfortana", tranon-kalam-pifandraisana).

Io sarambaben'ny olona mivelatra io dia mety ho tonga vondrom-by iray mivily lalana. Izany hoe misy hetsika sy fikambanana vitsivitsy miteraka olona sy resabe amin'ny fomba fandikan'izy ireo ny "fanokanantena montfortana".



Io sarambaben'ny olona mivelatra io dia mety ho tonga vondrom-by iray mivily lalana. Izany hoe misy hetsika sy fikambanana vitsivitsy miteraka olona sy resabe amin'ny fomba fandikan'izy ireo ny "fanokanantena montfortana". Eo amin'ny teboka fanairana laharana faha 6 ihany koa, miresaka ny maha zava-dehibe ny hoe "matihanina-mavitrika eo amin'ny fampitana ny fandovana montfortana", ny fivoriana an-tampon'ireo misionera montfortana tamin'ny volana may 2017 dia manambara fa: "ny fitobakin'ireo vondrona mifikitra amin'ny fianam-panahin' I Mompera avy any Montfort dia vintana tsara no fanamby ihany koa. Zavatra takiana amin'izany ny fandanjalanjana sy ny fiofanana".

Ny Mompera Jeneraly lehiben'ireo Misionera Montfortana, **Mompera Luiz Augusto STEFANI SMM**, etsy andaniny dia nandefa taratasy nankany amin'ireo kaontinanta dimy, tamin'ny 08 desambra 2017, mba hanazavana fa ireo **Misionera Montfortana dia tena ao anatin'ny Eglizy sy ny hoe manahoana no tsy maintsy iainana ny "Fanokanantena" amin'izao vaninandro ianantsika izao?** Raha fintinina dia hoe: ny fianakaviana montfortana dia tokony ho "matihanina-mavitrika", mba hiresaka sy hifanakalo amim-pomba mivantana amin'ireo vondrona ireo. Saingy amin'ny fomba ahoana? Tena fanamby lehibe izany.

Arnold SUHARDI SMM

TAITRA TAMIN'NY
TORIMASONY NY FINOAKO



RÉVEIL DE MA FOI

« **Ndao ho any amin'i Jesoa, ndao amin'ny alalan'i Maria , io no tsiambaratelo avy amin'Andriamanitra ho an'ireo voafidy »**

Hatramin'ny fahazazako tokony ho 5/ 6 taona , nitantana ny fiainako Andriamanitra niaraka tamin'ny fanampian'iMaria . Ara-boajanahary izany ... efa taty aoriana be vao azoko izany.

Nanambady an 'i Frédérick teo amin'ny faha roapolo taonako aho , i Frédérick kosa 19 taona sy tapany. Nandeha nipetraka tany Nantes izahay. Izaho , mbola vahiny tany an-toerana , nanontaniako ny vadiko hoe aiza ny fiangonana akaiky ny tranonay ahafahako mandray ny Eokaristia ? Tsotra ny valinteniny : "Tsy mila mandeha mamonjy lamesa intsony ianao satria efa miaraka amiko ianao". Tsy niombon-kevitra taminy aho. Fony mbola 17 taona no nifankahitanay sy Frédérick. Lehilahy malahelo lava, manana endrika masiaka , mahery setra saingy tao anatiny lalina , olona manana fo mora tohina izay mila navoaka taorinan'ireo taona maro nijaliany nohon'ny fahambangan'ireo Ray aman-dreniny , ny fankahalany ireo olona rehetra , tahaka ireo tanora ankehitriny indrisky. Nipetra drery tao amin'ireo Rainibe sy Renibeny nandritra ny 16 taona izy. Ireo Ray aman-dreniny tsy teo lava, ary tsy nifanaraka nahatonga azy ho mahery setra. Taty aorina , bevohoka kambana aho , tsy afaka nihetsika firy intsony hitady ny fiangonana izay nahamanina ahy isan-kerinandro .

NATOLOTRO AN'ANDRIAMANITRA NY FIAINAKO , TAHAKA AN'I MARIA.

Soa ihany fa tamin'ny fotoanan'ny nanamasinana ny mariazinay , nahazo fanomezana bokin-damesa tamin'ny renibeako aho hoy indrindra izy tamin'izay “ Ilainao ity “ nivavaka isan'andro aho. Niainako ny “Tenin'ny Evanjely ..” ary nanampy be ahy . Rehefa mandeha any ambanivohitra mamangy ireo fianakaviako aho ,mandeha makany ampiangonana aho mivavaka , mandrehitra jiro .Vetivety foana no hanaovako ireo ... tsy any ampiangonana ny vadiko ...Nila nanana faharetana aho nandritra ireo fitsapana ireo.

Natolotro an'Andriamanitra ny fiainako , tahaka an'i Maria .Nivavaka aho tao an-trano , nitomany ..Teraka ireo kambana , akory hafalian'ny vadiko io no hafaliany voalohany lehibe . Izy lahitokana ,faly loatra izy ka nijaonana isan-tanana nitety ireo namany isan-tanana nilazany ny hafaliany fa nahazo kambana . Fiadanana , hafaliana nanomboka hita taratra teny aminy .Tsy navelany ho notaizan'ny mpitaiza moa ny zanany , izy rahateo tsy mba lehibe teo anivon'ny ray aman-dreniny.

Nipetraka tao Nantes nandritra ny 7 taona izahay , nantsoiko hoe fotoana nandalovako ny tany efitra io vanin-potoana io nafahako mahatakatra ny tian'ny Tompo lazaina amiko tamin'ny alalan'i Maria. Taona nahafinaritra , taona nizarana hafaliana ,vavaka ary fijaliana. Nahalàna ny fandraisako ny Eokaristia ary tena sarotra.Tezitra aho , indray andro (asa ny Tompo mihintsy no tezitra angamba). Ao anatiko ao , tsy izaho intsony . Tsy tian'ny vadiko ny mahita ahy mivavaka. Mitroatra foana izy , fa tamin'io andro io , novaliako izy « sanatria raha hanakana ahy tsy hivavaka izy , ary vonona tamin'ny rehetra aho fa tsy ho mpibaiko ny foko intsony izy » Nandramany daholo ny fomba rehetra . Niainako teo ny afobe indrindra niaraka tamin'ireo rafozako izay nanodikodina ny sainy izay tsy nahalala akory. Nandrasan'ireo Ray aman-dreniny ny fanambadianay mba hanambaboina ny fon'ny zanany indray ... ireo endriky ny afobe izay mety nisy ... horohoro . Tao anatiko lalina , nisy hery , FITIAVANA izay miantso ahy . Tsy azoko tsara . Tamin'izany fotoana izany nantsoiko hoe « ireo foko roa » izay mitepo manohitra ahy ary manosika ahy handroso hatrany ihany koa. Hafahafa be tamiko « ireo foko roa , izahay-ako ». Farany , teo ireo batemy , ny zanako fahatelo, fiombonana ary niverina nandray Eokaristia aho isak'alahady.

**« Sanatria raha hanakana ahy
tsy hivavaka izy , ary vonona
tamin'ny rehetra aho fa tsy ho
mpibaiko ny foko intsony izy »**



Niverina nipetraka tany amin'ny tany nahalehibe ahy izahay . Nanomboka niasa aho niaraka tamin'ireo zanakay telo. Mafy , tena mafy ny tontolo andro , mila zakaina daholo ny zavatra rehetra , nihombo ny aretin'ny vadiko , olana teo lamosina , ... ary izaho mikorontana lava, tao ny antso , ny sento , hazavana indraidray , fahatsapana izay tena tsy nazava tamiko tsara Ireo fitepo "ny foko roa". Indray hariva avy niasa , lasa aho namonjy ny paroasy niaviko tany Landemont , hanao ny Eokaristia. Hatairana ny ahy , toko sapilé voadinika , avy eo sorona Masina . Nanomboka niresaka momba an'I Père Monfort , ilay mopera. Teo gina aho nifoha tamin'ny torimasony ny finoako.

Izay rehetra noresahin'ny renibe ko nitamberina tao an-tsaiko avokoa « Lakroa nomena mopera Montfort ny dadabeako razambeako no notadidiko voalohany nentiko hatramin'ny faha-roapolo taonako » . Very tamin'izahay nifindra trano io lakroa io . Nandeha sarety ireo razambeako tamin'ny nifindra tany Landemont. Ny foko « ireo foko roa » nisokatra tamin'io andro io , avy eo Maria , ny anjely , ireo olomasina angamba , nitarika ahy tany Notre Dame du Marillais izay nisy ireo pretra monfortanina.

Mopera Bossard , mopera Guil ireo no ray am-panahiko avy eo mopera Bertrand . Ny "trinité" hanokatra ny fanahiko izay mangetaheta FITIAVANA, FITIAVANA tsy hay hazavaina satria AVY AMIN'ANDRIAMANITRA. Nitarika foana I Maria, nanoro

lalana ahy . Avy eo teo ny firalahiana marialy , ny fanoloran-tena .

Tena zava-dehibe tamiko , ny fivorianay isan-bolana na telovolana , manome hery , afahana mihaino indray , mamerina indray ireo teny , asa soratr'I Montfort. Miaina ao anatin'ny vanin-potoana sarotra ny kristianina. Aza kivy fa meteza ho vavolombelona marina ny tena FITIAVANA amin'ny alalan'ny fiainantsika eo amin'ny sehatra izay misy antsika . Mahaiza mijanona amin'ny toerantsika tsy mila dera, fihainoana, fahendrena , fifanampiana. Zarao izay azontsika ny fifaliana, fiadanana, FITIAVANA.



Notefen'i Maria tamin-pifaliana sy faharetana ny fon' i Frédérick. Ny fijaliany ara-batana dia isan'andro fa ny vavaka manamasina ny olona izay miaina akaikintsika. Vavolombelona aho, manova ny vavaka . Manampy ahy I Frederick ankehitriny, faly mandray ireo pretra ao an-trano. Ho an'ny Sanctuaire, raha mila voninkazo aho, mitondra fehezan-boninkazo hoan'I Maria izy rehefa avy miantseha, "ho an'ny fiangonanao" hoy izy.

Tao aorinan'ny fahafatesan'ny rahavaviko sy ny reniko tao anatin'ny dimy herinandro, tena reraka aho trotraka.

Frederick no nanosika ahy hanao fivahinianana masina tany Lourdes mba hanovozako hery indray.

Raha tsy mandray Eokaristia aho anatin'ny roa andro, izy indray no manontany ahy hoe " maninona no tsy mandeha any am-piangonana ianao?"

Fantatrareo fa manana vady tsara aho . Ampitahaiko amin'i Md Josefa izy : tsy be teny ,tsy be resaka , eo foana amin'ny fotoana rehetra. Mila mijery ny tsara any amin'ny hafa isika mba hankonana ny ratsy izay mety miverina sy manafika antsika , misy foana ny tara masoandro anatin'ny olona tsirairay na izay tena lozabe aza. Isika no manokatra io tara masoandro io mba hanapotehina ny ratsy. Mahaiza mamela heloka ,mamela heloka mamerina indray , ary mamela heloka . Ny vavaka ataontsika manova ny hafa , manova antsika ao anatin'ny fiadanana, fifamelana. Ny zanaka , ny zafikely miova amin'ny vavaka. Mila manana faharetana , fiaretana Manararaotra ny zavatra rehetra aho mandefa ny tenin'ny Fiangonana ho an'ireo ankizy kely sy olon-dehibe ...

Isika laika vita fanoloran-tena, anjara asantsika ny mivavaka hoan'ireo pretra antsika , ireo misionera , mivavaka tsy mitsahatra ho andry zareo . Izy ireo no « rivotra » ahafantsika mandroso amin'ny lalana amin'Andriamanitra ao amin'i Maria, raha tsy misy azy ireo dia very isika ao anaty fiangonana tsy misy mpitarika, izay fahaverezana azo antoka ary haingana ,...

Ho an'ireo pretra , ireo frera eran-tany, Maria, ankiniko aminao ireo misonera montfortanina rehetra maneran-tany izay manolo tena tanteraka mba hanompo ny fiangonana ny Zanakao , Jesoa , aza mandao ny vahoakanao, andefaso , omeo pretra masina betsaka eran-tany . Fanahy Masina havaozy izao tontolo izao . Maria mivavaha ho anay .

Irery aho ary mitoetra irery eto amin'izao tontolo izao , tsy miaina raha tsy hoan' **ANDRIAMANITRA IRERY.**

Martine & Frédéric

VAOVAO SAMIHAFANA

FANOKAN-TENA TANY INDONESIA

KSM Zone Malang, région de Java oriental

Ny fisian'ny fikambanan'ny Associés monfortana any Indonésie, izay miaina ny aim-panahin'i Masindahy Louis-Marie de Montfort, dia manana ny lanjany tokoa ho an'ny fampirosoana sy firoboroboana ary fampielezana ny aim-panahy monfortana any Indonésie. Io fikambanan'ny Associés any Indonésie io dia antsoina hoe "Kerabat Santo Montfort" (KSM) izay adika ara-bakiteny hoe "mpikambana amin'ny fianakavian'i Montfort". Raha ny marina, ny fisian'ny KSM any Indonésie, fa indrindra any Java oriental – Zone Malang, dia vokatry ny asa sy ny ezaka vitan'ireo Misionera Monfortana any Indonésie mba hampiely sy handika amin'ny fomba noforonina miavaka ny aim-panahin'i Mompera de Montfort mifanaraka amin'ny seha-piainana any Indonésie.



Araka ireo salan'isa sy rakitra misy, ny KSM ao amin'ny faritra Java oriental, ary singanina manokana ny ao amin'ny Zone Malang dia mbola ahatsapàna fitomboana sy fivoarana mahafa-po, na dia somary nisy fahabangàna niforona aza nanomboka ny taona 2014. Hatramin'ny niorenan'io fikambana masina io ny taona 2005, dia nisy mpikambana 144 no nanokan-tena araka ny lalana natoron'i Mompera de Montfort. Ankehitriny, ny Associés monfortana dia fivondronan'olona izay tena manam-pitiavana mivaivay sy lalina mba hanokan-tena amin'Andriamanitra amin'ny alàlan'ny fiainana ny aim-panahin'i Masindahy Louis-Marie de Montfort. Olona tena entanin'ny Fanahin'Andriamanitra tokoa izy ireo mba hiaina sy hamafy ny harem-panahin'i Mompera de Montfort amin'ny fiainany sy ireo asa aman-draharaha sahaniny andavanandro eo anivon'ny fiaraha-monina sy ny Fiangonana.



Mpikambana vaovao

Amin'ireo mpikambana 144 ao amin'ny KSM faritra Java oriental – Zone Malang ireo dia mpikambana 8 vaovao no nanao ny fanokanan-tenany voalohany amin'i Jesoa Kristy amin'ny alàlan'i Maria ny 21 marsa 2019 tao amin'ny Scolasticat Montfortains, "Tranon'ny Fahendrena", any Malang.



Ny Recteur ao amin'ny Scolasticat, P. Gregorius Pasi niaraka tamin'i P. Fidelis Wotan sy P. Melkior Jelalu no nitarika ny Sorona Masina nanatanterahana izany. Nanomboka tamin'ny 5ora hariva ny Eokaristia Masina ary namondrona mpikambana KSM efa tranainy maro be, mpampiofana maro sy ireo Scolastiques ao amin'ny Communauté. Nandritra ny toriteniny, ary amin'ny maha Délégué National ny KSM Indonésie azy, dia notsipihin'i P. Fidélis ny maha-zava-dehibe ny toe-tsaina fonosin'ny fanokanan-tena izay fanolorana tanteraka, marina, ary aseho amin'ny fanompoana lavorary. Tsy ho tanteraka tsara izany asa izany anefa raha tsy miezaka ireo mpikambana KSM ny haka endrika isan'andro an'i Maria Virjiny, izay tsy mivadika amin'ny fihainoana sy fanatanterahana ny Tenin'Andriamanitra.

Ankoatran'ireo mpikambana 8 nanokan-tena tao amin'ny Lasapelin'ny Scolasticat ireo, dia mpikambana vaovao 17 no noraisin'ny KSM any amin'ny faritry Flores, volana vitsivitsy lasa izay, izany hoe ny 21 novambra 2018. Tamin'izany fotoana izany dia i P. Ariston, Délégué Régional-n'ny KSM Flores (any Manggarai) no nandray ireo rahalahy sy anabavy Associés tamin'ny fankalazana amin'ny fomba ofisialy ny Sorona Masina nanaovana ny "fanokanan-tena". Nandritra izany koa no niditra tamin'ny fomba ofisialy sy manara-drafitra ho mpiombon'antoka miaraka amin'ny Compagnie de Marie ireo mpikambana KSM ary nanomboka teo dia mandray anjara amin'izay misionan'ireo Misionera Monfortana ao amin'ny Fiangonana : " Manomana ny Fanjakan'i Jesoa amin'ny alàlan'i Maria".

P. Fidelis Wotan, SMM

FANOKANAN-TENA TANY ANDRAISORO, MADAGASCAR



Misaotra an'Andriamanitra lehibe fa tontosa ny Alahady 10 Marsa 2019 lasa teo ny Fanokanan-tenanay Lahika Montfortana eto Andraisoro.

- Anankiroa ireo nanao ny Fanokanan-tena mandrakizay
- 8 mianadahy no nanavao ny Fanokanan-tena
- Ny 4 mianadahy kosa indray dia ireo vaovao ato

anatin'ny Fikambanana ka noraisina tamin'ny fomba manokana.

Mialoha izao fanokanan-tena izao dia nanomana ny aimpanahy hiainanay amin'ny laretirety nandritra ny 30 andro tsirairay avy tany antrano I Frère François, izay nandinihanay ireo asasoratr'I Md Louis Marie de Montfort sy ny Soratra Masina. Izany

dia nahafahanay nandinika sy niaina ny làlam-piainan'I Md Louis Marie de Montfort ka nanananay faniriana mafy hahazo an'I Jesoa Fahendren'Andriamanitra noho ny Batemy noraisinay, eny fa na dia Mpanompo tsy mendrika aza izahay fa kosa niezaka tanatin'ny famolahan-tena sy ny Vavaka maharitra.

Ny 3 andro farany kosa no niarahana, izay nandinihanay ireto lohahevitra ireto:

Andro voalohany, ny Alakamisy 7 Marsa 2019, niarahana tamin'I Frère François, nibanjinana ny lohahevitra hoe : « Aoka ho lavorary ianareo, tahaka ny mahalavorary ny Rainareo izay any an-danitra » Mt 5,43-48 , Mt 5,1-16

Andro faharoa dia ny Zoma 8 Marsa 2019, niarahana tamin'i Frère Nirina : “Ny Vavaka” Mt 6, 5-10

Andro fahatelo dia ny Sabotsy 9 Marsa 2019, nibanjinana ny Fijalian'I Jesoa tamin'ny alalan'ny Fivahinianana Masina teny amin'ny Vohitra Karmely Ambohimangakely ka nanaovana ny Làlan'ny Hazofijaliana.



Ny Alahady no nanokananay tena izay mifanaraka indrindra amin'ny Fanoloranay tena ny lohahevitra natolotrin'ny Fiangonana tamin'io Alahady voalohany amin'ny Karemy io.

Tao amin'ny Chapelle Foyer Montfort Andraisoro no natao ny Fankalazana izay notarihan'I Père Bruno, lehibem-pikambanana Montfortana eto Madagasikara ary nohotronin'ireo Frera Montfortana miisa 4. Teo ihany koa ny namana Lahika Montfortana avy eny Antsobolo sy ny Fianakavianay nanokan-tena.

Taorian'ny Sorona Masina dia niara-nisakafo izahay rehetra niampy ny Pretra Montfortana tomponandraikitra eo amin'ny Paroasy Andraisoro izay tsy afaka niaraka nanolotra ny Sorona Masina taminay nohon'ny adidy

aman'andrikitra eo anivon'ny Paroasy fa kosa niezaka namonjy anay izy ireo tamin'ny Sakafo.

Miaina ny fanokanan-tenanay isan'andro isan'andro izahay izao ary maniry hiaina izany

mandrakizay. Tianay ny maneho fisaorana lehibe ho an'ny lahika namana sy ny Montfortana rehetra ka nahatontosanay iny fotoan-dehibe iny. Voninahitra anie ho an'Andriamanitra irery ihany, amin'ny alàlan'i Masina Maria Virjiny.

Fanja, Andraisoro, Madagascar

FANOKANAN-TENA TANY SAINT LAURENT-SUR-SÈVRE, FRANCE



Ny asabotsy 23 mars, dimampolo teo izahay no niaraka nanavao ny Fanokanan-tenanay. Camille, Christelle ary Marie-Noëlle kosa no nanao ny Fanokanan-tenany voalohany. Afaka nifampizara ny fomba nanovàn'i Maria ny fiainany amin'ny fomba azo tsapain-tànana miaraka amin'ny fanampian'ny Fanahy Masina, ny mpandray anjara tsirairay. Fotoana nanandanja tokoa, sy feno hafaliana ary maro no nifampizara. Indreto ary misy fifampizarana vitsivitsy.

“... Fiaraha-misakafo tamin'ny F.M.M (Fraternité Mariale Montfortaine) izay ahitana olona tsotra tokoa sy azon'ny rehetra antonina... Tena nampivavaka tokoa ny dia-masina niaraka tamin'ny jiro izay natao...”

Yvette



“... Andro tena nahafinaritra! Nanampy betsaka anay ny fanazavan'i P. Paulin mikasika ny Fanokanan-tena sy ny fanontaniana nipetraka

manodidina izany... Ny dia-be masina nataonay tao amin'ny làlan-tsara mankany amin'ny Fiangonana (“cloître”), ho ahy, dia tena nampientana tokoa. Manohy ny làlana eo am-pitantànan'i Maria, mba hankanesana any amin'i Jesoa, eo am-pihainoana ny Teniny... Ny jiro mirehitra, ny hazavana... Eny, ny Teniny dia fahazavana eo amin'ny làlako. Nandritra ny fisakafoanana tany ivelany dia lalina tokoa ny fijoroana vavolombelona natao. Talohan'ity andro ity, dia nankiniko tamin'i Maria ireo hafaliako, ny adin-tsaiko, ny zanako... Fa i P. Paulin kosa nanasa anay “hanolotra” ny hafalianay, ny alahelonay, ny vady,... Mba tsy hanànan'inon'inona intsony sy mba Hoan'Andriamanitra Manontolo!...Ity tontolo andro ity dia tena nanome anay rivo-baovao nitondra fahatokisana sy fanantenana!”

Françoise et Michel

“Ity Fanokanan-tena ity, ho ahy, dia fitohizan'ny fiverenako amin'ny finoana... Miseho amiko toy ny mpitantana ara-panahy i Maria Virjiny hatry ny ela, nefa na dia izany aza dia matetika aho no tsy dia nahatsapa izany tany aloha. Ny zavatra natao tamin'io andron'ny 23 marsa io, raha nihaino ny fifampizarana rehetra aho, dia nahafahako nahatsapa ny haleben'ny fisian'ny Virjiny Masina, tsy voatery hoe tsapa amin'ny lafiny “ara-batana”, fa kosa azo tsapain-tànana ao amin'ny fiainana andavanandro... Ary satria Maria no làlana mitondra any amin'ny Zanany, dia ny manara-dia aza no atao, sy ny mandeha araka ny vitantsika am-pahatokisana amin'io làlana miaraka amin'i Maria io ...”

Camille.

Any amin'i Jesoa amin'ny alàlan'i Maria
Marie-Line et Claude Tignon (diakra)
Fraternité Mariale Montfortaine (FMM) de Saint Laurent sur Sèvre.

ALLÉLUIA! JOYEUSES PÂQUES À TOI!